**Fanisàna Trano 2021**

**Recensement des propriétés bâties de la CUA**

**Juillet –Septembre 2021**

**Valandresaka nifanaovana tamin'ny Mpanao gazety**

**Teny malagasy**

**Antananarivo, 19 aogositra 2021 -** Mitondra tantsoroka ho an'ny kaominina Antanananarivo Renivohitra ny tetikasa PRODUIR amin'ity taona ity amin'ny alalan'ny fanatanterahina ny andiany faharoan'ny Fanisàna Trano ao amin'ireo boriborintany miisa 5 izay mbola tsy nahavitan'izany.

Ny 19 aogositra 2021, nanatanteraka valandresaka ho an'ny mpanao gazety ny ekipan'ny kaominina Antanananarivo Renivohitra mba hanazavàna ireo dingana efa nolalovana sy izay mbola ho tanterahana. Mikendry ny hanangona antontanisa vaovao sy mari-pototra eo anivon'ny boroborintany dimy (voalohany, faharoa, fahatelo, fahefatra sy fahaenina) ny Fanisàna Trano. Ny fanisàna teny anivon'ny boroborintany fahadimy efa tanteraka tamin'ny dingana savaranonando.

Efa manakaiky ny fe-potoana antsasa-dalana ny Fanisàna Trano ankehitriny. Mpanisa miisa 1 250 no mirotsaka eny amin'ireo boriboritany dimy. Nalefa mialoha ny fampahafantarana ho an'ireo tokatrano ary samy nahazo ireo fitaovana entina mampahafantatra (peta-drindrindrina, banderole…) ireo fokontany mba hanamafisana ny serasera, efa mandeha amin'ny haino aman-jery sy gazety ihany koa ireo horonantsary fohy sy ny mahakasika an'ity fanisàna ity.

Ivon'ny fanisàna tokoa ny firotsahan'ireo mpanisa ireo eny anivon'ny fokontany. Ny Fanisàna Trano dia ahafahan'ny Kaominin'Antananarivo Renivohitra manana antontanisa vaovao izay hoentina hanatsàrana ny fitantànana sy ny fampandrosoana eny ifotony ny tanàna ary ahafahana haminavina ny hanatsarana ny drafi-panajariana ny fokontany tsirairay avy.

Trano miisa 30 000 no voaisa hatramin'izao. Amin'ny ankapobeny, tsara ny fandraisan'ny mponina ireo mpanisa ary maneho hatrany ny fahavononana hiara-hiasa. Isany mitana anjara andraikitra lehibe ihany koa ny fokontany. Ny antontan'isa voaangona dia fitaovana sarobidy satria afaka hitarafana ny endrika sy ny drafitry ny fokontany tsirairay sy ny fivoarany. Raha tsiahivina dia tamin'ny taona 1997 no nisy fanisàna trano farany ho an'ny tanànan'Antananarivo, ka anarivony maro ireo trano efa nahitàna fanitarana na koa vao naorina tao anatin'ny taona maro nifanesy.

Misy olana madinidinika sedrain'ireo mpanisa ankehitriny. Misy tokatrano vitsy mandà ny handray azy ireo, misy mandà ny handraketana an-tsary ireo trano, orinasa vitsivitsy ihany koa no tsy manome valiny ny fotoana izay tokony hanantanterahana ny fitsidihana… Tantsoroka lehibe no entin'ny fokontany amin'ny famahàna ireo olana ireo, koa entanina ny orinasa mba hanome tanàna satria "mponina" amin'ireo fokontany ireo ihany koa izy ireo.

Misy olona ihany koa misandoka ho mpanisa ka mitaky vola amin'ireo tokatrano, tsy azon'ireo mpanisa atao velively anefa ny mitaky vola ka mila mailo amin'ireo mpisandoka ireo. Marihina fa mandeha tsiroaroa ireo mpanisa ireo ary manao fanamiana mitovy, ahitàna famantarana (badge) manokana ny Fanisàna Trano 2021 misy ny anaran'ny mpanisa sy ny numéro matricula ihany koa izy ireo.

**Communiqué de presse**

**Version française**

**Antananarivo, le 19 août 2021-** Cette année, le projet PRODUIR (Projet de Développement Urbain Intégré et de Résilience du Grand Antananarivo) accompagne la Commune Urbaine d'Antananarivo dans la réalisation d'une deuxième phase de recensement des terrains et des propriétés bâties (Fanisàna Trano 2021) dans les 5 arrondissements restants.

Ce 19 août 2021, une conférence de presse a été organisée par l'équipe de la commune urbaine d'Antananarivo pour partager les points d'étape actuels du recensement. Le Fanisàna Trano vise à collecter des données chiffrées et fiables sur les propriétés bâties au sein des cinq (5) arrondissements de la Commune urbaine d'Antananarivo ($1^{er}$, $2^{ème}$, $3^{ème}$, $4^{ème}$ et $6^{ème}$ arrondissements), après un recensement pilote, effectué en 2020 dans le 5ème arrondissement.

Aujourd'hui, le Fanisàna Trano approche de la mi-parcours. 1 250 agents de terrain sont à pied d'œuvre et sillonnent les 5 arrondissement de la capitale. Tous les avis aux ménages ont été distribués et les fokontany ont préalablement reçu les supports de communication pour renforcer la sensibilisation. Les spots télévisés et radio accompagnent également la communication. Ce déploiement sur terrain est le cœur du processus.

Le Fanisàna Trano permettra à la CUA d'avoir des données à jour afin d'améliorer la gouvernance de la ville et les conditions de vie au sein des collectivités de base. Il a pour ambition de consolider le plan d'aménagement des fokontany.

A ce jour, 30 000 bâtis ont été recensés. L'accueil de la population est largement favorable avec une réelle volonté pour les ménages de collaborer. Les fokontany jouent un grand rôle dans la réalisation de ce recensement qui vise à mettre à jour les informations concernant les propriétés bâties de la ville d'Antananarivo et qui permettra de dessiner le profil de chaque fokontany avec le nombre de constructions recensés qui sera affiché dans les bureaux des fokontany. Depuis le dernier recensement effectué en 1997, bon nombre de constructions ont connu des extensions et des milliers de nouvelles infrastructures ont été implantées dans les différents quartiers.

Sur terrain, des problématiques se posent dans de rares cas : les agents font face à des refus de certains foyers de les accueillir, des refus de prise de photo du bâti, des prises de rendez-vous sans retour de la part des entreprises… Ces blocages nécessitent l'accompagnement des chefs fokontany mais également la collaboration de toutes les entités, comme les entreprises qui sont elles aussi implantées dans les divers quartiers de la capitale.

Des personnes malveillantes usurpent également l'identité des agents recenseurs pour extorquer des fonds auprès des ménages. Notons que les agents recenseurs se déplacent deux par deux et sont munis d'identification claire (badge, gilet et casquette) et ne peuvent en aucun cas demander de l'argent aux ménages.